



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

SAP/KNPL Alarobia 16 janoary 2019

Pasteure Lydia RAVALITERA

Toy izany koa, ianareo vehivavy, maneke ny vadinareo; ka raha tahiny misy tsy mety mino ny tenin'Andriamanitra, dia mba ho voataonan'ny fitondrantenan'ny vavy izy; na tsy misy teny lazainareo aza, dia ho voataona izy rehefa mahita ny fitondrantenanareo madio sy feno fanajana azy. Aoka ny haingonareo tsy ho zavatra ivelany fotsiny, toy ny taovolo sy ny firava-bolamena ary ny didy akanjo; fa aoka ny haingonareo ho zavatra mafina ao am-po, dia ny haingo tsy mety simba vokatry ny halemem-panahy sy ny toeatra tony: izany no tena sarobidy eo imason'Andriamanitra. Tahaka izany manko ny fihaingon'ireo vehivavy fahiny anisan'ny vahoakan'Andriamanitra: sady nanantena an'Andriamanitra izy no nanaiky ny vadiny; tahaka an'i Sara izay nanaiky an'i Abrahama sy niantso azy hoe tompoko. Zanak'i Sara ianareo, raha mba manao soa ka tsy matahotra izay fampitahorana na inona na inona.

1 Petera 3/1-11

⇒ NY FILAZANTSARAN'NY VEHIVAVY 3 (EVANGILE DE LA FEMME 3) ⇐

Manaitra voalohany eoam-pamakiana ity toko faha-3, andininy 1-6 ato amin'ny Taratasy voalohany nosoratan'i Petera ity isika, ny firesahany ato momba ny Vehivavy. Nananganan'ny SAP/KNPL ato amin'ny FPMA lohahevitra hoe « NY FILAZANTSARAN'NY VEHIVAVY » izany. Tahaka ny Apostoly Paoly, ao amin'ny 1 Timoty 2, and. 8-15, manomboka ny resaka amin'ny filazana ny Lehilahy i Petera, ary manohy avy eo milaza momba ny vehivavy. Andeha ange ampitahaintsika ny 1 Timoty 2/8-10 sy ny 1 Petera 3/1-4. Hoy ny apostoly Paoly, hoe : «Tiako mba hivavaka ny lehilahy na aiza na aiza, ka hanandra-tanana hanao izany amin'ny fo madio, **tsy misy fahatezerana na fifandirana**. Toraka izany koa ny vehivavy: tiako mba hihango maotina tsara sy mahalala onony izy ireo ka hitondra fitafiana mendrika, tsy hanao taovolo mihaitraitra, tsy hirenty volamena na vatosoa na fitafiana sarobidy, fa hiravaka asa soa mifanentana amin'ny vehivavy mankato ny fivavahana amin'Andriamanitra.» Ny « asa soa »lazain'ny apostoly Paoly dia ny asa ataon'ny olona efa niova fo, olombaovao ao amin'i Kristy, ireo ao antin'ny ankohonan'Andriamanitra. Ny asa rehetra ataon'ny olona mbola tsy niova fo, na toa tsara ivelany aza indraindray, dia « asa maty » ihany, na « asa ratsy. ». Izany no



Siège national

47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

hilazany hoe « asa soa mifantana amin'ny vehivavy mankato ny fivavahana amin'Andriamanitra.» Ato amin'ny 1 Petera 3/ 1-4, dia hoy kosa Petera hoe: « *Toy izany koa, ianareo vehivavy, maneke ny vadinareo; ka raha tahiny misy tsy mety mino ny tenin'Andriamanitra, dia mba ho voataonan'ny fitondrantenan'ny vavy izy; na tsy misy teny lazainareo aza, dia ho voataona izy rehefa mahita ny fitondrantenanareo madio sy feno fanajana azy. Aoka ny haingonareo tsy ho zavatra ivelany fotsiny, toy ny taovolo sy ny firava-bolamena ary ny didy akanjo; fa aoka ny haingonareo ho zavatra mafina ao am-po, dia ny haingo tsy mety simba vokatry ny halemem-panahy sy ny toetra tony: izany no tena sarobidy eo imason'Andriamanitra*». Toa manome ohatra amin'ny asa soa lazain'i Paoly Petera, amin'ny filazany ny «fitondrantena madio sy feno fanajana», «halemem-panahy sy toetra tony».

Hita ao amin'ireo andalan-tSoratra masina nampitahaintsika ireo, fa mitovy ny fampianaran'ny Apostoly, satria samy **manao ho sarobidy ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana izy ireo**, ary **Petera dia manindry ny filazana ny adidy takian'ny fitiavana sy fitiavan'ny Tompo eo anivon'ny ankohonana kristiana**, dia ireo «**mpiombona anjara amin'ilay fiainana nomen'Andriamanitra**» 1 Petera 3/7d. Mampiavaka an'i Petera amin'i Paoly kosa, na dia samy milaza ny mpivady eo anivon'ny ankohonana sy ny fiaraha-monina aza izy mirahalahy, Petera dia mitodika manokana amin'ireo vehivavy izay manambady tsy mpino , izany hoe tsy kristiana ny vadiny. Hoy izy hoe: «**raha tahiny misy tsy mety mino ny tenin'Andriamanitra, dia mba ho voataonan'ny fitondrantenan'ny vavy izy**». Fahita matetika mantsy ny toy izay teo amin'ireo jiosy vao niova ho kristiana. Fa mbola misy ihany koa ny toy izany mandraka ankehitriny. Bebe kokoa ny ampanhan'ny vehivavy, mazoto sy resy lahatry ny tenin'Andriamanitra, noho ny lehilahy ao am-pianganana. Rehefa torina ny Filazantsara dia matetika ny vehivavy ihany no voatarika sy miova fo mialoha, fa ny lehilahy mafimafy fo kokoa, sarotra resen-dahatra. Na tsy voalazan'ny apostoly aza, dia tsy azo lavina fa mety handalo fizahan-toetra tokoa ny finoan'ny vehivavy mpino, raha toa ka tsy mpino ny vadiny. Amporisihina izy, kanefa ve voatery tokoa mba «**hanaiky ny vadiny**», izany hoe tsy maintsy mankato ny vadiny ? Ahoana àry raha toa ka teren'ny vadiny hiala amin'ny finoany izy ? Lazain'i Petera kanefa hoe « **ho voataonan'ny fitondrantenan'ny vavy izy; na tsy misy teny lazaina akory aza** », izany hoe tsy miteny mifandahatra amin'ny vadiny akory izy. Mety ho voataonan'ny vehivavy amin'ny fitondrantenany ny lahy. Io dia ilay efa nolazain'i Paoly koa, raha nanoratra tamin'ny Korintiana izy. Fa hoy Paoly, hoe : lehibe mihoatra noho ny teny sy soratra, tena Tenin'Andriamanitra mivelatra ny toetra aseho: «taratasy soratanan'i Kristy ianareo, ary nampitondraina anay; kanefa tsy taratasy voasoratra tamina ranomainty fa tamin'ny alalan'ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona, tsy taratasy



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

voasokitra eo amina takela-bato fa ao am-pon'olombelona. »2 Korintiana 3 / 3.
Rehefa mijery sy mandinika tsara ny hatsaran-toetry ny vadiny ny lehilahy tsy mpino,
dia mety ho voatarika handinika ka hahalala ny loharanon'izany, dia ny finoana sy
fankatoavana an'Andriamanitra.

Misy TOETRA ROA ampianarin'i Petera an'ireo vehivavy fa TAKIAN'NY FINOANA
AN'ANDRIAMANITRA:

⦿ **TOETRA VOALOHANY** takiana : **ny faneke na fanoavana ary fanajana ny vadiny.**
Izany no fehezina amin'ny hoe « maneke ny vadinareo ». Naka ohatra ao amin'ny Testamenta taloha ny Apostoly ka nitanisa an'i Saraha niantso ny vadiny hoe « itompokolahy » (mon seigneur) Genesisy 18. 12. Tsy hoe manambany tena eo anatrehan'ny vadiny izany, fa fanoavana (allégeance) maneho fitiavana. Lazaina fa mety handresy lahatra ny vady mihoatra noho ny teny hatao izany faneke na izany. Tsy eken'ny tenin'Andriamanitra ny vehivavy be resaka, tia ady hevitra sy vavàna. Mety ho ao an-tsain'ny apostoly, ary fantatry ny jiosy tsara, ny voarakitry ny tenin'Andriamanitra tamin'ny Fahariana : voalaza fao amin'izany fa **ny vehivavy dia natao ho «mpanampy tandrify (vady sahaza)** ho an'ny lahy araka ny Genesisy 2/18, fa tsy hoe **mitovy (égale)** amin'ny lahy. Lazain'i Paoly mazava ao amin'ny fampianarana nataony koa, fa « **ny lahy no lohan'ny vavy** » 1 Korintiana 11/3. Ka izany noefa nananarany, raha nanoratra ho an'i Timoty izy, hoe : « Aoka ny vehivavy mba hahay mandray fampianarana amim-panginana ka hanaiky tanteraka. Tsy mamela azy hampianatra aho na hanjakazaka amin'ny lahy, fa tokony hangina: satria i Adama no ary voalohany vao i Eva; tsy mba i Adama no voafitaka, fa ny vehivavy no voafitaka sady tonga nandika ny didin'Andriamanitra.» 1 Timoty 2/11-14. Manelingelina ny vehivavy ny fandrenesana izany, kanefa tsy azo adinoina fa mety hanakorontana ny fifandraisana, ka hanafintohina ny lahy mihitsy, ny vehivavy be resaka, tsy mitsahatra ny miteny aminy mba hiova fo, kanefa na ny tenany aza dia tsy hita misoritra akory izay fiovana eo aminy. Fantatra sy mazava tsara kosa, fa mahery lavitra noho ny teny hatao handresy lahatra ny lahy ny toetra tsara, ny fahamaotinana, ny fahatoriana, ary indrindra indrindra ny fandeferana asehon'ny vavy. Ny lahy tsy mpino dia te hahita an'i Kristy eo amin'ny toetry ny vadiny, te hahita ny fanehoany mazava ny fanatrehana sy ny asan'i Kristy (voir Christ, la réalité de Sa présence et de Son action), fa tsy handre ny sermonina Itsy misy farany heverina hitaomana sy handresena lahatra. Zava-dehibe sy laharam-pahamehana (priorité) ho an'ny vehivavy vonton'ny Filazantsara ny Fiainana maneho mivantana ny fiovam-po noho ny finoana sy ny fanarahana an'i Kristy.

⦿ **TOETRA FAHAROA** takiana : **ny fanomezan-danja ny hatsaran-tarehy anaty, fa tsy ny hatsaran-tarehy ivelany.** Hoy indrindra ny famporisihan'i Petera momba izany, hoe: « Aoka ny haingonareo tsy ho zavatra ivelany fotsiny, toy ny taovolo sy ny



Siège national

47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

firava-bolamena ary ny didy akanjo; fa aoka ny haingonareo ho zavatra mafina ao am-po, dia ny haingo tsy mety simba vokatry ny halemem-panahy sy ny toetra tony: izany no tena sarobidy eo imason' Andriamanitra». Midika ve izany fa tsy ilaina, ohatra ny vehivavy tia manao volo tsara bango sy mihaingo manao fitafiana tsara didy manara-damaody? Aoka hazava tsara fa raha miteny ny zavatra ivelany Petera, dia tsy mandrara velively izay ambarany eo amin'ny faharoa izy. Fa tahaka izay voalaza teo aloha momba ny tsy fifanarahan'ny teny sy ny toetra indraindray, mamestraka mazava tsara ny apostoly eto fa raha misy tokony asiana tsindrimpeo, izany hoe, omena laharam-pahamehana voalohany amin'izay fomba fiainana, ny toetra anatyno izy fa tsy ny toetra ivelany. Tsy sarotra takarina akory ny tiany holazaina amin'izany, fa raha ohatra ka misy vehivavy roa : ➔ny iray mihaingo fatratra sy miravaka ary mihosotra izao fanatsarana ny endriny izao (femme pomponnée, bien coiffée, bien maquillée), kanefa tsy azo laizina fa kizitina, be zizo, sarotra iaraha-monina ; ➔ary ny anankiray faharoa kosa malemy paika, tsy mba manao haingo marevaka, ary tso-piaianana, azo antoka fa aleon'ny lehilahy miaraka amin'ilay faharoa noho ilay voalohany. Raha te hikarakara tena ho tsara tarehy eo anatrehan'ny vadiny ny vehivavy, ny toetra soa ao anatiny, **fitondrantenareo madio sy feno fanajana**, no tsra kokoa, hoy Petera, fa tsy ny endrika ivelany. Mahagaga fa io fampianaran'i Petera io ; angamba, no nanome aingam-panahy an'i Randafison, mpanakanto malagasy fanta-daza, ka namoronany ilay hirany hain'ny maro, hoe : « Na tsara tarehy aza ianao, ka tsy ao aminao ny Fanahy, dia ankoso-bolamena mamiratra jerena ».

APETRAKA HO TOY NY LALANA MOMBA NY FOMBA FITAFIN'NY VEHIVAVY VE IREO VOALAZA IREO ? (CODE VESTIMENTAIRE)

Tsy vitsy amin'ny kristiana ankehitriny ny mandray ara-bakiteny ny voalazan'ny Baiboly, ka mamestraka izany ho toy ny Fitsipika. **Ny fiaraha-monin'ny olombelona dia toa voafehin'ny fisehoana ivelany fotsiny**. Misy mody miseho ho mpanaradala ny olona sasany, kanefa ny fony tsy tena resy lahatra akory. Maotina ivelany fa jejo anaty. Fa misy ihany koa, indraindray sy matetika, mampiasa ho fanamarinan-tena ny hoe « Tsy hanan-kery aminareo intsony ny fahotana, noho ianareo tsy eo ambany fahefan'ny lalana, fa eo ambany fahefan'ny fahasoavana ». Romana 6, 14. « Fahasoavana varo-boba » no arangarangan'zy ireo amin'izany. Fanamarinan-tena ny fampiasana tsy amim-piheverana izany andalan-teny ao amin'ny Soratra masina izany, ka adino ny tohiny hoe: « Koa ahoana ary? Hanota ve isika satria tsy eo ambany fahefan'ny lalana fa eo ambany fahefan'ny fahasoavana? Sanatria izany! » Romana 6, 15. Ny fitsipi-pitondrantena na lalana mōraly kanefa dia tsy hafa fa toy ny akon'ny lalana nataon'Andriamanitra hampisy lamina eo amin'ny fiainatsika olombelona ihany. **Misy ny fanavahana ny tsara sy ny ratsy, nefo tokony ho tsaroana fa noho ny antony tokana ihany no isian'izany, dia satria misy Andriamanitra (il y a une distinction du bien et du mal pour la seule raison que Dieu existe)**. Ny fisian'Andriamanitra, hafa noho isika olombelona, no mampisy fanavahana ny tsara izay an'Andriamanitra, sy ny ratsy ateraky ny fisainantsika olombelona. Efa nisy



Siège national

47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

hatramin'ny voalohany io, fa narangarangan'ny devoly hamitahana ny olona ny fahalalana azy, rehefa tsy mankato ny hafatr'Andriamanitra fa te hahaleo tena, «hitovy amin'Andriamanitra». **Tsy misy ny tsara na ny ratsy ho azy (il n'y a pas de bien ou de mal en soi).** Ny tsara dia izay sitrak'Andriamanitra ; ny ratsy dia izay tsy ankasitrahana'Andriamanitra. Mifanaraka amin'ny fikasan'Andriamanitra hatrany amboalohany teo amin'ny Nahariana izao tontolo izao izany. Taorian'Andriamanitra niteny, teo amin'ny Fahariana, voalaza fa «nanao hoe..», dia nitohy hatrany ny filazana hoe : «Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany». Ny ratsy dia izay mifanohitra amin'izany fikasan'Andriamanitra miteny hampisy izany tsara izany.

Tsy mety amintsika olombelona ny maka ny toeran'Andriamanitra ka mifampitsaratsara eo amin'ny hevitra tsy mitovy ao anatin'ny fiaraha-monina misy antsika. Rehefa mandre sy mahafantatra ny antson'Andriamanitra manambara ny Tenany, dia tsy maintsy miondrika amim-panajana sy manetry tena eo anatrehany, tahaka an'i Petera nandre sy nahafantatra an'i Jesoa rehefa avy nampahazoany hazandrano be dia be, ka niteny taminy, hoe: «Raha nahita izany i Simona Petera, dia niankohoka teo an-tongotri' Jesoa nanao hoe: Tompo o, halaviro aho fa mpanota! » Lioka 5, 8. Tsy fadosirana hiala tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra izany, fa fanekena ny elanelana tokony hisy amin'ny voninahitr'Andriamanitra, ny famirapiratan'Andriamanitra, sy ny toetrantsika olombelona maloto ao anaty fahotana. Tsarovy fa tsy nisy ratsy nataon'Andriamanitra, fa ny fihetsika amam-pombantsika no mampisy ratsy. Raha toa ka entina hakana fanahy sy handavoana ny lehilahy ho lavo amin'ny fijangajangana ny fomba fihetsika sy fomba fitafintsika, dia tonga mpiaramiasa amin'ilay ratsy, ny devoly, isika.

Brétigny sur Orge, 16 janoary 2019
Pasteure Lydia RASOAVOLOLOMAHEFA RAVALITERA
Mpitandrina mpiahy ny SVKI